## NY TENY FIAINANA

*Raha omby no ateriny ho fanatitra dorana, dia lahy tsy misy kilema no hateriny; eo anoloan'ny varavaran'ny trano-lay fihaonana no hanateriny azy, mba hankasitrahana eo anatrehan'i Jehovah izy.*

***Levitikosy 1 : 3***

### QCAN 2023 HIHAONANA AMIN'I CENTRAFRIQUE ANIO

# Hamaritra be dia be ny ho avin'ny Barea de Madagascar

Tonga ilay andro nandrasana hikatrohan' ny ekipam-pirenena Malagasy amin'ny ekipam-pirenen'i Centrafrique, eo amin'ny fifanintsanana baolina kitra, hahazoana miatrika ny CAN Côte d'Ivoire 2023 andro faha-3, etsy amin'ny kianjan'i Mahamasina, anio alakamisy 23 martsa 2023. Azo lazaina fa tena hamaritra ny ho avin'ny Barea de Madagascar mihitsy ity lalao ity, eo amin'ny fiatrehana an'ity fifanintsanana ity, fa raha sanatria ka hisy ny faharesena ho azo indray anio dia "mampamangy any amin'ny ankizy, hoy ny fitenenana fa ny lehibe efa nihaona". Raha ny marina ihany koa dia anisan'ny lalao ho fanomezam-boninahitra ny fahatsiarovana an'i Dezy Monstre manokana ity lalao ity hoan'ny Barea, izay tonga niondrika farany nanome voninahitra azy tetsy amin'ny "Palais des Sports Mahamasina", tamin'ny alatsinainy 20 martsa 2023 teo. Tsiahivina fa anisan'ireo mpilalao mpila ravinahitra tonga hanatevin-daharana an'ity Barea 2023 ity, ry JULIO DONISA, HAKIM ABDALLAH, ZOTSARA, KOLOINA, AMADA ary MELVIN, raha tsy hitanisa afa-tsy ireo fotsiny isika. Mankahery manokana ny Barea isika rehetra !



*Mpilalaon'ny Barea nandalo teny amin'ny Palais des Sports Mahamasina.*

***Rainilita***

### Lalao amin'i Centrafrique etsy Mahamasina anio

# Alefa Barea, handeha mivantana amin'ny TVM ny lalao

Fantatra ankehitriny, araka ny vaovao voaray, fa harahanina mivantana ao amin'ny fahitalavi-pirenena TVM avokoa, ireo lalao baolina kitra miisa roa, izay hifanandrinan'ny Barea de Madagascar sy ny Les Fauves du Bas-Oubangui de Centrafrique, eo amin'ny andro faha-3 sy faha-4, amin'ny fifanintsanana fahazoana miatrika ny CAN 2023, dia ny lalao izay ho tontosaina etsy amin'ny kianja Mahamasina anio alakamisy 23 martsa 2023, sy ny lalao ho tanterahina any amin'ny kianja " Stade de la Réunification Douala Cameroun", amin' ny alatsinainy 27 martsa 2023, izay samy hanomboka amin'ny 04 ora hariva avokoa. Hiaro ny voninahi-pirenena ny Barea amin'ireo lalao roa ireo, alefa Barea ! Noho ity lalao iraisam-pirenena etsy Mahamasina anio ity, tsy hisy ny tsena isaky ny alakamisy eny an-toerana androany.




*Barea Malagasy vs Les Fauves du Centrafrique.*

***Rainilita***

### Rugby XXL Energy Top 20

# Hangotraka indray ny eny Andohatapenaka amin'ny alahady



*Lalao Rugby XXL Energy Top 20, 2023.*

Mbola mitohy hatrany ny fiatrehana ny andro faha-2, amin'ny fifaninanana rugby fiadiana ny "Championnat de Madagascar XXL Energy Top 20 2023", ka azo ambara fa hangotraka indray ny eny amin' ny kianja Makis Andohatapenaka amin'ny alahady 26 martsa 2023 ho avy izao, izay hanatontosana an'io tohin'ny andro faha-2 io. Fandaharandalao alahady 26 martsa 2023 : 09:00-Stm Savonnerie # Us Ikopa Andohatapenaka, 11:00-Tam Anosibe # XV Fa Ampasika, 13:00-Tfa Anatihazo # Fbm Bemasoandro, 15:00-3Fb Fahasalamana # Ftba Andohatapenaka.

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



**Henomby sy ovy sy patsa ary anamalaho** atao rony indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Ny soa azo avy amin'ny ronono sy tamotamo

Ny soa azo amin'ny ronono sy tamotamo indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Manala manaintaina, manila kohaka. Miaro amin'ny cancer na homamiadana, tsara ho an'ny aty, manampy amin'ny torimaso, manadio rà.

Ronono 1 kaopy, tamotamo 1 sotro lehibe fihinanana, ary ampangotrahana miaraka dia sotroina tsy asiana siramamy, tsy tatavanina.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'i Manambolo distrikan'i Maroantsetra faritra Analanjirofo

Ny tanànan'i Manambolo distrikan'i Maroantsetra faritra Analanjirofo indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Manambolo ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 12 mandrafitra ny distrikan'i Maroantsetra. Mbola tsy dia avo toerana izy, satria 73 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Any avaratra atsinanan'ny faritra Analanjirofo no misy azy. Vokatra any ny vary, ny jirofo, ny lavanila. Ny voankazo toy ny akondro, ny letchi.



